



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tenindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-241

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY
VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA
MANOMBOKA NY 2 MEY 2023 HATRAMIN'NY 16 MEY 2023**

Fivoriana faha-2
Natao ny
Alakamisy 4 Mey 2023
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe
- HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alakamisy 4 Mey 2023, tamin'ny 2 ora sy 40 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 2 Mey ka hatramin'ny Talata 16 Mey 2023, vokatry ny Diniky ny Filoha.

Nitohy ny Alakamisy 4 Mey 2023, tamin'ny 2 ora sy 40 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanatontosany izany.

Rehefa izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany ary niangavy ny Mpitantsoratra indray hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny Diniky ny Filoha.

Mbola Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALAROBIA FAHA-04 MEY 2023

Nivory ny Alakamisy 4 Mey 2023 nanomboka tamin'ny 11 ora, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny Birao Maharitra, ireo Filoham-baomiera sy Filohan'ny Vondrona Parlemantera tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia 3 Mey, tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory, ka nisy ireo fanatsarana nentin'ny mpivory. Anisan'izany ny fampahafantarana ireo vondron'ny mpandraharaha (GEM, FIVPAMA, sns...) ny fandinihan'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna mikasika ny fampiasam-bola eto Madagasikara (Loi sur les Investissements à Madagasikara).

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata 2 Mey ka hatramin'ny Talata 16 Mey 2023 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy 4 Mey 2023, amin'ny 2 ora, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nandritra ny adihevitra samihafa no nampivoitra ireto soso-kevitra ireto:

- tokony hiezaka isika hanaja ny ora fanombohana ny fotoam-pivoriana
- mankasitraka ny Birao Maharitra tamin'ny famahana ny fasahiran'ireo Solombavambahoaka farany teo.
- betsaka ny taraina mikasika ny "sécurité", fahadiovana sy ny gaboraraka maro samihafa; noho izany dia hisy fivoriambe (Commission Plénière) amin'ny fandaharam-potoana manaraka handinihantsika ny Fitsipika Anaty (Règlement Intérieur) mifehy ny "Centre d'Accueil" sy fivezivezena ato amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena. Ampiharina ireo tomponandraikitra antsakany sy andavany izay rehetra tapaky ny besinimaro amin'izany. Natao izany mba hanatsarana ny hasin'ity Andrimpanjakana misy antsika ity.

Toy izao ary ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka teo anivon'ny "Conférence des Présidents.

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Mardi 02 Mai 2023** au **Mardi 16 Mai 2023**

MARDI 02 MAI 2023

11H 00: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA PREMIERE SESSION ORDINAIRE 2023 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE (*Salle des Séances*)

MERCREDI 03 MAI 2023

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent (*Salle BP*)

JEUDI 04 MAI 2023

10H 00: Conférence des Présidents - (*Salle BP*)

12H 00: **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances*)
-Adoption de l'ordre du jour

LUNDI 08 MAI 2023 et MARDI 09 MAI 2023**09H 00 et 15H00** : **TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- **Commission des Ressources Stratégiques** (*Saisie au fond*)
- **Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation** (*Saisie pour avis*)
- **Commission de l'Economie et de la Planification** (*Saisie pour avis*)
- **Commission des Finances et du Budget** (*Saisie pour avis*)- (*Salle BP*)

-Projet de loi N°005/2023 du 12 Avril 2023 portant refonte du Code Minier.

MARDI 09 MAI 2023**09H 00 et 15H00** : **TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- **Commission de l'Industrie et Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises** (*Saisie au fond*)
- **Commission du Commerce et de la Consommation** (*Saisie pour avis*)
- **Commission des Finances et du Budget** (*Saisie pour avis*)
- **Commission de l'Economie et de la Planification** (*Saisie pour avis*)
- **Commission Juridique** (*Saisie pour avis*)
- **Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche** (*Saisie pour avis*) - (*Salle des Séances*)

-Projet de Loi N°003/2023 du 09 mars 2023 sur les Investissements à Madagascar.

MERCREDI 10 MAI 2023**09H 00 et 15H00** : **TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- **Commission des Finances et du Budget** (*Saisie au fond*)
- **Commission de l'Energie et de l'Eau** (*Saisie pour avis*) - (*Salle BP*)

-Projet de loi N°002/2023 du 15 mars 2023 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo 2^{ème} phase (PIAA2), conclu le 08 décembre 2022 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD).

SEANCES PLENIERES - (*Salle des Séances*)

JEUDI 11 MAI 2023 et VENDREDI 12 MAI 2023

10H 00 et 15H00: - Projet de loi N°005/2023 du 12 Avril 2023 portant refonte du Code minier.

LUNDI 15 MAI 2023

10H 00 et 15H00: - Projet de Loi N°003/2023 du 09 mars 2023 sur les Investissements à Madagascar.

MARDI 16 MAI 2023

10H 00: - Projet de loi N°002/2023 du 15 mars 2023 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo 2ème phase (PIAA2), conclu le 08 décembre 2022 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD).

11H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent (*Salle BP*)

FICHE DE PRESENCE
CONFERENCE DES PRESIDENTS
MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
3	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Président
4	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
5	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
02	Commission Juridique	IDEALSON	IRD
03	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR
04	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA ANDRIAM- HARIMANANA Seth	IRD

05	Commission de l'Élevage et de la Protection Animale	ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa	Non-affilié
06	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
07	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
08	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jean d'Arc	GPR
09	Commission de l'Évaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR

PRESIDENT DE GROUPE PARLEMENTAIRE

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona

REPRESENTANT DE GROUPE PARLEMENTAIRE

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOM ET PRENOM
1	TIM	RAMBOASALAMA Emilien

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny momba ny volavolan-pandaharam-potoana ny mpivory, ka niangaviany hanangan-tànana izay handray fitenenana.

Nanao satroka Andriamatoa JEAN Daniel dit Manjoso ary nilaza fa tsy manana «ordre du jour» ny tenany ka tokony homena izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa iangaviana ny sampandraharaha tandrify izany mba hanome ny Solombavambahoaka izay mbola tsy nahazo ny «ordre du jour».

Nanamarika, Ramatoa Filoha, taorian'izay fa tsy mbola nandefa solotena ny Governemanta, kanefa tsy mahasakana ny hirosoana amin'ny asa ataon'ny Antenimierampirenena izany.

Rehefa izany, nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore dia nitondra fanamarihana mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2023 tamin'ny 9 Martsa 2023 "sur les Investissements à Madagascar».

Nambarany tamin'izany fa raha mijery ny famintinana novakian'ny Mpitantsoratra teo ny tenany, tsy voalaza ao ny zavatra notapahana nandritra ny fivorian'ny Filoha, manao hoe: tokony hisy fampahafantarana ny mpandraharaha eo amin'ny sehatra tsy miankina mikasika ity lahadinika ity. Tokony ho hita ao anaty famintinana ihany izay raha ny marina satria handray anjara amin'ny fampiasam-bola izy ireo.

Nangataka koa ny tenany aorian'izao lahadinika izao mba hasiana samihafa satria misy teboka tsara ifampizarana amin'ny rehetra.

Nisaotra azy tamin'ny fanamarihana nataony, Ramatoa Filoha ary namaly, fa voalaza ato anatin'ny famintinana manao hoe: niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory, ka nisy ireo fanatsarana izay nentina tamin'izany. Anisan'izany ny fampahafantarana ireo vondron'ny mpandraharaha rehetra.

Taorian'izay, tsy nisy nanan-kambara intsony, ka niroso tamin'ny fandraisana fananapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 2 Mey ka hatramin'ny Talata 16 Mey 2023.

Nambarany koa fa hiroso amin'ny tsangan-tànana ny mpivory amin'ny hisian'ny samihafa na tsia.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny samihafa ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nilaza fa nangataka samihafa ny tenany momba ny fampiasam-bolam-panjakana izay efa lany teto anivon'ny Antenimierampirenena tamin'ny fotoam-pivoriana farany teo dia ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2023 na ny "Loi de Finances Initiale" izany. Nomarihany koa fa efa miasa izany tetibola izany; kanefa misy teboka maromaro hisintonana ny saina. Ny antony, misy lalàna mifehy ny tetibola dia ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 izany ary misy andalana maromaro tokony hojeren'ny Antenimierampirenena raha ny marina satria tomponandraikitra amin'ny fampiasana izany tetibolam-panjakana izany koa ity Andrimpanjakana ity.

Misy andininy maromaro milaza izany; toy ny andininy faha-19, faha-20, faha-42 ary ny andininy faha-45 milaza hoe: rehefa mampiasa ny tetibolam-panjakana ny Mpanatanteraka dia tsy tokony hihoatra ny 10% ny "transfert" ataony raha mihevitra ny hanao izany izy.

Raha misy fanaovana "transfert" noho ny antony samihafa araka ny voalazan'ny lalàna, tokony hampandalovina eto amin'ny Antenimierampirenena izany hakana fankatoavana, farafaharatsiny mandalo ao amin'ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola ato amintsika.

Raha haka ohatra amin'izay toe-draharaha izay, ny fetra 10% voalazan'ny lalàna dia toa tsy voahaja intsony. Misy koa fetra 1% ao amin'ny andininy faha-20 tokony hoferana amin'izany fanaovana "transfert" izany no tsy voahaja ihany koa. Eo anatrehan'izay, andraikitra ny Antenimierampirenena no tokony hitaky ny fanajana ireo lalàna ireo. Izany hoe, tokony hisy ny tetibola asam-panitsiana avy amin'ny Governemanta entina hankatoavana eto amin'ny Antenimierampirenena mba hampanarahan-dalàna ny fampiasam-bolam-panjakana.

Ho an'ny Antenimierampirenena manokana, nandalo fahasahiranana izy tamin'ny fiandohan'ity taona 2023 ity, izay voavaha tamin'ny ampahany kanefa araka ny kajy natao, mety any amin'ny volana Aogositra any dia efa tsy hisy vola hampiasaina intsony isika. Noho izany, tokony hisy vahaolana amin'ny alalan'ny tetibola nasiam-panitsiana.

Izay rehetra izay no anairana ny Governemanta hanao tetibola nasiam-panitsiana, mba ahafahana miatrika ny enim-bolana faharoa amin'ity taona ity.

Fisaorana no nataon-dRamatoa Filoha, an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, tamin'ny fandraisany fitenenana taorian'izay ary nambarany fa haroso any amin'ny "Commission de Finances" izay voalazany izay.

Tsy nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana intsony taorian'izay.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, ka ny Alatsinainy 8 Mey 2023, amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny fivorian'ny Vaomieran'ny Loharanon-karena Stratejika, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola, handinika ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2023 tamin'ny 12 Avrily 2023 "portant refonte du Code Minier", izay hatao ao amin'ny "Salle du Bureau Permanent".

Fanentanana ny Solombavambahoaka voakasik'izany mba havitrika hamonjy ny fivoriana no namaranany ny teniny.

Niato tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.


RAZANAMAHASOA Christine Harijaona